Ny Gazety Paris

EGLISE PROTESTANTE MALGACHE EN FRANCE- PAROISSE DE PARIS

Editorial

MANDROSO TSY MIATO…

Nivotiana RASAMIMANANA
Filoha Lefitra FPMA Paris

Hoy ilay teolojiana amerikana malaza Dr.E. Stanley Jones " Dans toute l'histoire du christianisme, chaque fois qu'on met l'accent sur Jésus, il y a une explosion nouvelle de vitalité et d'énergie ».

Izany tokoa ny fandresen-dahatry ny fiangonana FPMA Paris, ny Mpitandrina sy ny tompon'andraikitra ao aminy ; ary ny fiainam-piangonana, ny fizotry ny fotoana rehetra nandritra izay telo volana voalohany izay dia toa manamarika izany.

Mahavariana , mahafaly sy mampisaotra an'Andriamanitra tokoa ny mahita ny hafanam-pon'ny rehetra hatramin'ny kely indrindra ka hatramin'ny lehibe indrindra any amin'ny sampana , ny mpiangona tsirairay amin'ny asa fanompoana dia ny fanaovana ny Tenin'Andriamanitra alohan'ny zavatra rehetra sy Jesosy Kristy ivon'ny hetsika rehetra.

Singanina manokana ny fahazotoan'ny mpiangona nanatrika ny fampianarana nentin'ny raiamandreny avy any an-tanindrazana nandritra ny telo herinandro ; te-hiroso bebe kokoa amin'ny fahafantarana sy fiainana marina ny atao hoe kristiana ara-baiboly na kristiana ara-panahy.

Mbola ao an-tsain'ny rehetra ny hafatra mahery sady feno nampitain'ny STK tamin'ny fampisehoany tamin'ny volana marsa. Kristiana tanora hitory an'i Jesosy , nandritra ny famerenana ny hira , dihy sy tantara an-dapihazo , tsy nataon-drizareo ambanin-javatra ny fotoam-bavaka sy ny fampianarana.

Tsy amin'ny fotoana fifaliana ihany anefa ny fiangonana no miaina sy manantanteraka ny baikon'ny Tompo , fa amin'ny ora manjombona sy sarotra koa, ka toy ny fo sy feo iray ny fiangonana manontolo no nampahery ireo Havana nidonam-pahoriana.

Eny ry havana , efa namoha ny varavaran'ny lanitra ho antsika tokoa ny Tompo, ary nampidina fitahiana ho an'ny fiangonantsika , ho an'ny isan-tokantrano, kanefa mbola miantso antsika hanavao ny fanoloran-tenantsika amin'izao fanateram-bokatra izao.

Ny endriky ny vokatra no mety miova fa ny fanahy fanomezana " Don de soi" eo foana ; ny foko sy ny fonao manolotra tsy hiova intsony …" Mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina , sitrak'Andriamanitra , dia fanompom-panahy mety hataonareo izany" Romana 12.1.

Ny Fanahy Masina anie hanetsika antsika amin'izao fanateram-bokatra izao, ary tsy anio na rahampitso na rahafak'ampitso ihany , fa amin'ny andro sisa rehetra mbola omen'ny Tompo antsika hanompoana sy hanarahana Azy.

" Mifalia sy miravoravoa hianareo , fa lehibe ny valim-pitianareo any an-danitra" hoy Jesosy. Matio 5:11-12.

Ho an'Ilay Zanak'ondry anie ny voninahitra

Apokalipsy 5, 11-14

11 Ary nahita aho sady nandre feon'anjely maro manodidina ny seza fiandrianana sy ny zava-manan-aina ary ny loholona, ary ny isany dia alinalina sy arivoarivo, 12 nanao tamin'ny feo mahery hoe: Ny Zanak'ondry, Izay novonoina, dia mendrika handray hery sy harena sy fahendrena sy faherezana sy haja sy voninahitra ary saotra.
13 Ary izao zavatra ary rehetra izao, na izay any an-danitra, na izay ety ambonin'ny tany sy any ambanin'ny tany, na izay any an-dranomasina mbamin'izay rehetra ao anatiny dia reko samy nanao hoe: Ho an'Ilay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana sy ho an'ny Zanak'ondry anie ny saotra sy ny haja sy ny voninahitra ary ny fanjakana mandrakizay mandrakizay. 14 Ary ny zava-manan-aina efatra nanao hoe: Amena. Ary ny loholona dia niankohoka ka nivavaka.

Mitohy eto amin'ity Apo 5 ity indray izao ny fideranaizay efa hitatao amin'ny Apo 4. Araka ny efa hitantsika mikasika ny bokin'ny Apokalipsy dia fanehoana ny miafina ny amin'I Jesosy izao. Manao ahoana ilay Jesosy nitsangana tamin'ny maty? Aiza Izy ary inona no ataony?

pejy 3

Teny fiainana…

« Ary hataon'i Jehovah Andriamanitrao manana amby ampy hianao amin'izay hahasoa anao….fa ho faly aminao indray Jehovah … » Deot.30 : 9

Le porteur d'eau et la jarre fendue

Un porteur d'eau transportait deux jarres suspendues aux extrémités d'une barre de bois qui reposait sur ses épaules.
Mais une des jarres avait une fissure. Et pendant que l'autre jarre conservait toute son eau jusqu'au village, la première perdait la moitié de sa cargaison en chemin.

Cela dura deux ans et chaque jour le porteur d'eau ne livrait qu'une jarre et demie d'eau à chacun de ses voyages.
La jarre parfaite était fière d'elle car elle remplissait sa fonction d'une excellente manière. Mais la jarre défectueuse avait honte et se sentait déprimée parce qu'elle n'accomplissait que la moitié de ce que le porteur attendait d'elle.

Un jour la jarre fendue s'adressa au porteur d'eau au moment où il la remplissait à la source :
- *«Je me sens coupable et je te prie de m'excuser.»*
- «De quoi as-tu honte, demanda le porteur d'eau ?»
- *«Je ne réussis qu'à conserver la moitié de ma cargaison d'eau à cause de cette fissure. Par ma faute tu fais tous ces efforts mais tu ne livres que la moitié de l'eau.Tu n'obtiens pas le fruit de tes efforts à cause de moi.»*

Le porteur d'eau touché de cette confession lui répondit :

- «Ne songe plus à tout cela. Pendant que nous retournons au village, regarde plutôt les fleurs magnifiques au bord du chemin».

Sur le chemin la vieille jarre fendue vit de très jolies fleurs baignées de soleil et cela lui mit la joie au cœur, mais elle se sentait toujours aussi coupable car elle avait encore perdu la moitié de son eau.

Le porteur d'eau dit alors à la jarre :
- «T'es tu rendu compte qu'il n'y avait de belles fleurs que de ton coté du chemin ? J'ai toujours su que tu perdais de l'eau et j'en ai tiré parti. J'ai semé des fleurs de ton coté et toi tu les arrosais pendant le parcours. Sans toi je n'aurais jamais obtenu des fleurs aussi fraîches et gracieuses.»

La morale de l'histoire ?

Nous avons tous des échecs, des blessures, des défauts.
Nous sommes tous des jarres abîmées. Certains d'entre nous sont diminuées par la vieillesse, d'autres ne brillent pas par une intelligence supérieure, d'autres sont trop petits , trop grands, trop gros , trop maigres. Mais ce sont ces défauts, ces fissures en nous même qui rendent nos vies attractives.
Nous devons prendre les autres tels qu'ils sont et voir ce qu'il y a de bien et de bon en eux. Il y a beaucoup de positif partout. Il y a beaucoup de bon en chacun.

Que personne ne se sous-estime car chacun a sa propre valeur. Au contraire, sachons apprécier tous les gens si différents qui peuplent notre vie !

VOKATRA 2010
FISAORANA SY FANKASITRAHANA

Ry Havana,

Marika lehibe mampiseho fa mpiara-miasa ao amin'ny Tompo Jesosy isika tamin'ny fanatrehana ny voka-dehibe ny fiangonana amin'ny alalan'ny fanolorana ny valopim-bokatra.

Misy fiantraikany lehibe eo anivon'ny fiangonana izany satria mahasahina farafahakeliny ny 30% -ny enti-manana eo amin'ny fampandehanana ny asa fitoriana ny filazantsara.

Ny fotoam-bokatra toy izao koa dia fanavaozantsika am-pahibemaso ny fanolorantenantsika eo amin'ny asa izay napetrak'i Jesosy izay efa nekentsika ho Tompo sy Mpamonjy, ka ny fo sy ny tenantsika manotolo koa no fanatitra velona, masina hatolotra ho an'Andriamanitra, (Rom 12:1), ary mitaky fiainana vita fihavanana aminy sy ireo akaiky ary ny mpiara-monina manodidina antsika izany.

Araka ny fitiavana sy ny fankantoavana ny tenin'Andriamanitra no nitarika antsika nananteraka izany, satria ampahiny amin'izay nanambinany antsika no nentintsika nanolotra izany teo amin'ny alitara masina.

Ny vavaka sy fanirinay dia tsy hijanona eo amin'izao fotoam-bokatra izao ihany izany fanoloran-tena izany fa hitohy mandavan-taona ka ho hita taratra eo amin'ny fiainantsika andavanandro sy fiainan 'ny fiangonana.
Dia misaotra sy mankasitraka feno antsika rehetra amin'ny fanekentsika ho tena Mpiara-miasa amin'I Jesosy Tompo Lohan'ny Fiangonana , ary Izy anie handrotsaka ny fahasoavany manana ny ampy ho antsika tsirairay !
Dia ho an'Andriamanitra irery ny voninahitra tamin'izay rehetra vita amin'izao andro fananteram-bokatra izao ary ny fiadanany hitoetra amintsika mandrakariva.

Ho an'Ilay Zanak'ondry anie ny voninahitra

Tohiny

Inona no tokony hataontsika Aminy? Azo ambara mazava fa tena vaovao mahafaly hatrany hatrany no asehon'ny Apokalipsy mikasika an'i Jesosy.

Aiza ilay Jesosy nitsangana tamin'ny maty?

Ao an-danitra eo ambonin'ny seza fiandrianana ka deraina sy ankalazaina. Mizara roa eto ireo mpidera ny Tompo sy ny teny na ny hira fiderana Azy. Ireo midera azy voalohany dia ireo mponin'ny lanitra. Ny midera azy faharoa kosa dia ny zavatra àry rehetra manerana izao tontolo izao. Inona no ifandraisan'ny fiderana ataon'izy ireo?

Ireo mponina ao an-danitra:

Misy karazany telo izy ireo. Ireo anjely, zava-manan'aina ary ny loholona. Ka ny tsaroan'izy ireo indrindra amin'izao fiderany izao dia ilay Zanak'ondry novonoina. Ny teny fiderana an'i Jesosy eto dia tena mitovy amin'ny teny niderana an'Andriamanitra eo amin'ny toko fahaefatra:

Ny Zanak'ondry, Izay novonoina, dia ***mendrika*** *handray hery sy harena sy fahendrena sy faherezana sy haja sy voninahitra ary saotra.* Ilazàna izany fa tena Andriamanitra Jesosy ka mitovy ny atao amin'ny Ray sy ny Zanaka.

Noho izany dia tena mavesa-danja tokoa ny teny hoe **mendrika** ataon'ireto mponin'ny lanitra ireto. Mendrika atao tahaka an'Andriamanitra Jesosy. Koa manasa ny zava-boary rehetra izy ireo mba hanome ny haja tokony ho an'i Jesosy.

Ireo àry rehetra manerana ny tany:

Hita mazava eto fa ny fiderana ataon'ireo àry rehetra dia valin'ny fiderana fanasana ataon'ireo mponin'ny lanitra:

Ho an'ny Zanak'ondry anie ny saotra sy ny haja sy ny voninahitra ary ny fanjakana mandrakizay mandrakizay. Tena fanekena ny antson'ny mponin'ny lanitra izany.

Inona no anton'izao fiantsoana ny ary rehetra izao?

Inona no anton'izao fiantsoana na fanasana ny àry rehetra hidera an'i Jesosy tahaka ny fiderana an'Andriamanitra izao?

Mba tsy hanaovana olona ho andriamanitra:

Satria tsy izany fiderana sy fametrahana an'I Jesosy amin'ny toerany izany no zava-misy. Fa ny olona no mihevitra fa tompon'ireo rehetra ireo: Ny HERY / HARENA / FAHENDRENA / FAHEREZANA / HAJA / VONINAHITRA / SAOTRA, *dia heverin'ny zanak'olombelona fa azy.* Raha jerena tamin'ny fotoana nanoratan'i

Jaona ity bokon'ny Apokalipsy ity dia hita fa tena nirehareha fatratra ny fanajakana Romana satria noheveriny fa azy ireo rehetra ireo ka dia nanao ny tenany ho Andriamanitra mihitsy aza ny Emperora tamin'izany.

Ny mampalahelo aza ankehitriny dia mbola misy olona na manam-pahefana mihevitra fa azy ny HERY / HARENA / FAHENDRENA / FAHEREZANA / HAJA / VONINAHITRA / SAOTRA ka tonga mahery setra sy mihevitra ny tenany ho tsy maty manota. Ary dia misy olona mitaiza sy mandrobo azy ireo amin'izany satria mahita tombontsoa amin'izany ka tonga misolelaka sy mila rondroniny amin'izy ireo. Tsy nantsoina hidera olona ianao fa hidera an'Andriamanitra. Moa izany tokoa va ny fiananao ry kristiana? Moa tena mahay midera Ilay Zanak'ondrin'Andriamanitra va ianao? Ekenao va fa Azy tokoa ny fahefana ka Izy irery no itokianao?

Ho fampaherezana:

Nataon'ireo mponin'ny lanitra koa izao fiderana sy fanasana hidera izao mba ho fampaherezana ahy sy anao. Satria tena an'I Jesosy ny HERY / HARENA / FAHENDRENA / FAHEREZANA / HAJA / VONINAHITRA / SAOTRA. Ka raha misy milaza ny tenany ho manana ireo ety an-tany dia mandalo ihany izany satria Jesosy no nampindrana azy.

Ny zavatra hita ao amin'ny taratasy nosoratana ho an'ny Fiangonana fito tany Azia dia mampiseho ny hetraketrak'ireo manam-pahefan'ny tany izay ampiasain'I Satana hiady amin'ny vahoakan'Andriamanitra, hampijaly sy hampiditra an-tranomaizina ary hamono azy ireo. Mampahery izao filazan'ny anjely izao satria ilay Jesosy eo ambonin'ny seza fiandrianana no efa nanao ny vahoakany ho fanjakam-pisorona ary eo anivon'ny fiangonana Jesosy.

Koa aoka isika ho tahaka ireo àry rehetra hitan'I Jaona. Sahy milaza hoe: ho an'ilay Zanak'ondry anie ny HERY / HARENA / FAHENDRENA / FAHEREZANA / HAJA / VONINAHITRA / SAOTRA. Tsy tenenina amin'ny vava fotsiny izany fa tena ianantsika eto anivon'ny mpiara-belona amintsika.

Ho an'I Jesosy irery ihany anie ny dera haja mandrakizay Amen.

Toriteny

Alahady 18 aprily 2010

Pasteur Seth RASOLONDRAIBE

16, Rue Chauchat Paris 75009

FANDRAISANA DIAKONA

«Fa izay efa mahavatra tsara ny asan'ny diakona dia mahazo toerana tsara ho an'ny tenany sy fahasahiana be amin'ny finoana izay ao amin'i Kristy Jesosy. » 1Tim.3 : 13

Araka ny fitsipika anatiny ifampitondrana eto amin'ny FPMA Paris - noho ny fodiamandrin'ny namana mpiara-manompo anankiray tao amin'ny diakona ary mba hahafeno 30 ny isan'ireo amperin'asa - dia noraisina ho diakona Atoa RANDRIANARISOLO Tahina araka ny nifidianan'ny Mpandray ny Fanasan'ny Tompo azy tamin'ny volana novambra 2008.

Koa amin'ny anaran'i Jesosy Tompo no iarahaban'ny Fiangonana anao araka izay voasoratra ao amin'ny 1Kor.15 : 58 manao hoe : *"Koa amin'izany ry rahalahy malalako, dia miorena tsara, aza miova, ary mahefa be mandrakariva amin'ny asan'ny Tompo, satria fantatrareo fa tsy foana tsy akory ny fikelezanareo aina ao amin'ny Tompo."*

HETSIKA SAMPANA VEHIVAVY KRISTIANA

Vita tamin'ny Alahady 11 aprily lasa teo ny varotra sakafo masaka izay nokarakarain'ny Sampana Vehivavy Kristiana eto amin'ny Tafo Paris. Izany no natao moa dia ny mba ahazoan'izy ireo manantanteraka ny asa sahan'ny Sampana. Isan'izany ohatra ny fandraisana vahiny isaka ny Alahady eto am-piangonana.

Mampita ny fisaorana amintsika rehetra ny Sampana tamin'ny fandraisantsika anjara.
Ho an'Andriamanitra Irery anie ny voninahitra

"Indro, lova avy amin'i Jehovah ny zanaka maro; Tamby ny ateraky ny kibo."
Sal. 127: 3

Ireo zaza teraka tao anatin'ny efa-bolana voalohany 2010

Fanomezana Manoah teraka tamin'ny 14 janvier zanak'i Benja sy Prisca RATSIRAHONANA

Hantaniaina Annaelle teraka tamin'ny 14 février zanak'i Mamitiana sy Hanitra RANARIJAONA

Théa Mihantarivony teraka tamin'ny 19 février zanak'i Luc sy Miora RAKOTOMALALA

Ny Anja Théa teraka tamin'ny 8 MARS zanak'i Ny onja sy Hanta RANDRIANONENANA

Maya Kanto Chelsey teraka tamin'ny 21 mars zanak'i,Andry sy Seheno RASOAMAHENINA

Anael Niaina teraka tamin'ny 11 avril zanak'i Toavina sy Volana RAMANAMBELO

FANAMASINANA FANAMBADIANA

Andrianjafy Miharisoa Tovoniaina
&
Bakoly Josiane
Asabotsy 24 Aprily 2010
FPMA Paris
16, Rue Chauchat
75009

RADIO FPMA PARIS
100.7 Mhz
2èmes Dimanches
14 : 15 : 00

FANDRAISAN'NY MPITANDRINA
Atalata: 9 ora - 12 ora
Alakamisy: 9 ora - 12 ora
Ny andro hafa: RDV
47, Rue de Clichy 75009 Paris

AGENDA DE LA SEMAINE FPMA PARIS

➤MARDI 20 AVRIL :

■ Cellules de prière:

- Thiais (94) à 20h
Adiresy : 40 rue Maurepas
Tél : 01.48.52.33.38

- Cachan (94) à 19h30
Adiresy : 15 Avenue de l'Europe
Tél : 01.47.40.94.97

- Le Perreux sur Marne (94) à 19h
Adiresy : 44 rue du maréchal Joffre
Tél : 01 72 46 29 33

- Herblay (95) à 20h
Adiresy : 50, allée des Bournouviers
Tél : 01 39 31 45 56

- Romainville (93) à 20h15
Adiresy : 10 all Georges Méliès
Tel: 01 49 91 09 55

- Aulnay sous Bois (93) à 20h
Adiresy : Rue du Prefet Chaleil
Tél : 01.48.69.96.02

- Villenoy (77) à 20h
Adiresy : 2 rue du Château d'eau
Tél : 01.60.24.34.61

➤ MERCREDI 21 AVRIL:

■ Cellules de prière:

- Saint Denis (93) à 17h30
Adiresy : 14, rue des Chaumettes
Tél : 01.48.22.91.68

- Paris 15ème à 20h30
Adiresy : 34, rue du Colonel Pierre Avia
Tél : 01.40.60.94.11

➤JEUDI 22 AVRIL :

■ Cellule de prière STK à 19h

➤VENDREDI 23 AVRIL :

■ Finoana sy Vavaka à 19h
16, Rue Chauchat 75009 Paris

➤SAMEDI 24 AVRIL :

■ Sampana Fifohazana :
à partir de 14h30 (ouvert à tous)

➤ DIMANCHE 25 AVRIL :

■ 9h30: Sekoly Alahady